# Ilay Voa Tsara Nafafy 31 Desambra 2020

# 31 **Alakamisy** desambra

**Ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.** Romana 8. 28

### Tsy misy fanenenana

*Eny ! fahasoavana lehibe indrindra*
*Ny nametraka tamin'i Jesosy Kristy*
*Ny tena, ny aina ary ny fanahy,*
*Izay rehetra ananana, izay rehetra tiana !*

*Mety tsy ho nosafidiko angamba*
*Ny lalako araka ny nanaovan'Andriamanitra azy,*
*Nefa dia ekeko tsy misy fanenenana*
*Ny sitrapon'ny Tompo, sitrapo masina.*

*Na inona na inona hitranga, dia afaka mino aho*
*Fa fantany mialoha ny zavatra rehetra,*
*Ary noho ny fahasoavany, dia nokendreny*
*Mba hifarana ho voninahiny ny zavatra rehetra.*

*Fantany tsara aoka izany izay ilaiko !*
*Amin'ny fitiavany aho no miantehitra ;*
*Ny zava-miafin'ny zavatra rehetra*
*Dia hambara ahy any ambony any !*

*Rose Gaensli*